




FOMBA TSOTRA AHAZOANA RANO FISOTRO MADIO AMIN'NY ALALAN'NY TARAMASOANDRO



NY TSARA HO FANTATRA

1. Mikasika ny fitaovana ampiasaina amin'ny SODIS:

- Tavoahangy plastika misy soratra hoe (PET) efa voasasa sy voakobana tsara no ampiasaina (ohatra : Olympiko®, Eau vive®...)
- Tavoahangy tsy mihoatra ny 2 litatra ny fatrany.
- Tsy azo ampiasaina intsony ny tavoahangy efa tonta, misy kiaka na nasiana menaka.

2. Mikasika ny rano :

- Rano mangarahara tsy misy fotaka na loto no ampiasaina

FOMBA FANAOVANA NY SODIS

1. Makà tavoahangy plastika misy soratra hoe (PET) efa voasasa sy voakobana tsara dia fenoy rano hatreo amin'ny telo ampahefany $\frac{3}{4}$.
2. Sarony tsara dia ahontsano manditra ny 20 segondra eo ho eo.
3. Avy eo dia fenoy tanteraka ny tavoahangy.
4. Sarony mafy tsara ny tavoahangy.
5. Avy eo dia apetraho eo ambony talatalana na tafo dia atapy masoandro mandritra ny ora 6 fara-fahakeliny raha mibaliaka ny masoandro; fa 48 ora kosa ny fe-potoana raha maloka ny andro na merika, na avy orana tsy miato.
6. Azo sotroina avy hatrany ny rano ao aorian'io fe-potoana voalaza eo ambony io.
7. Aza adinoina ny manarona ny rano madio tsy ho azon'ny loto indray.

Aretim-pivalanana iray amin'ny roa (1/2) no voasoroka raha misotro rano voadio hatrany.

